# VIMA sy ny Federasiona
## Afa-po tamin'ny "Marathon International de Tana"




Afa-po, izay no teny azo nandritra ny fifaninanana "Marathon international de Tana" izay nokarakarain'ny orinasa "VIMA" sy ny "World Trade Center" niaraka tamin'ny federasiona mpiahy ny taranja teto an-drenivohitra tamin'ny Alahady lasa teo.

Raha teo amin'ny fifaninanana manokana aloha dia mbola hita ihany ny tanjaky ny keniana amin'ny resaka toy ireny. Tsy nisy mpifanandrina naharaka mihitsy i Sammy Kipkori nandritra ny hazakazaka teo amin'ny lehilahy. Mbola teo am-pelantanan'i Haja hatrany kosa ny anaram-boninahitra mahatompondakan'i Madagasikara azy. Nilaza hatrany ity tompondaka kenyana ity fa tokony ho lasa lavitra ny atleta Malagasy raha mahay miray hina amin'ny fifaninanana tahaka ireny. Anisan'ny saika nampitahotra azy ny hoe: hifampitana amin'ny atleta maro hifarimbona aminy irery. Ny nifanohitra tamin'izany anefa no hitany ka izay no anisan'ny tsy nampanano-sarotra ny fakany ny fandresena. Nilaza hatrany koa i Haja fa tsy ampy ny famporisihana ny mpihazakazaka malagays amin'ny sehatra tahaka ireny. Raha teo aloha niara-niasa tamin'ny BOA ny tenany dia tapitra izany amin'izao ka olana kely ho azy izany.

Teo amin'ny vehivavy kosa dia i Landy no tompondaka sy tompon'ny anaram-boninahitra kosa. Mbola lavitr'ezaka ny tanjona ho an'ity sokajy ity satria toa tsy mbola nisy nahasolo aloha hatramin'izao i Clarisse Rasoarizay.

Nilaza hatrany ny mpikarakara ny fifaninanana fa santatra am-bava rano ihany iny fa mbola hiezaka hanohy ny hetsika andiany faha-15 izy ireo. Nahatsiaro ho afa-po avokoa ireo orinasa mpiaramiombon'antoka rehetra sy ny mpifaninanana tamin'ny ankapobeny.

***Danny***